Gazetiko 25 TAONA

FIFANINANANA TONONKALO - IREO FOLO HOTSARAINAO MPAMAKY 3

## FARAFANGANA 4

# TRANO 20 KILAN'NY AFO TSY NISY NY AINA NAFOY

## MARINA IZANY ! 7

## SERINTSERINY !

Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7534 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 31 martsa 2023

## IZY NO IZY 4

### RANDRIAMIANDRISOA JESSICA

TSOTRA, MAHAY MIARA-MIAINA AMAN'OLONA



## POOPY - 40 TAONA 2



1 500 MAHERY NY SEHO, 16 NY RAKIKIRA VITANY

## "VIVA FUTBOL U-17" 3

32 NY EKIPA HIFANINANA AMIN'NY ANDIANY VOALOHANY

## ARO LOZAN'NY FIFAMOIVOIZANA 8



HISITRAKA FIOFANANA NY LYCEE 6 ETO AN-DRENIVOHITRA

## FANDRAHARAHANA 8

# MITARAINA HO TRA-PAHASAHIRANANA IREO ORINASA AFAKA HABA



(Sary fanehoana)

## VONTOVORONA - BARIKADIMY 8

# MITOKONA MITAKY VATSIM-PIANARANA IREO MPIANATRA

Telma




7-10 AVRIL VATOMANDRY

GRAND SPECTACLE AVEC WAWA
TOURNOI NATIONAL TELMA BEACH SOCCER

RUGBY BEACH
ÉLECTION MISS ET MISTER

G CL 440/25-25

Poopy - 40 taona

# Seho maherin'ny 1 500 sy rakikira 16 no efa vitany

*Hofintininy ao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina ny alahady 30 aprily izao ny 40 taona niakaran'i Poopy sehatra.*

1983-2023. Feno 40 taona katroka amin'ity taona ity ny niakaran'i Poopy sehatra. Fiakarana an-tsehatra maherin'ny 1.500 no vitany ary tahirin-kira maherin'ny 16 no navoakany tao anatin' izay fe-potoana izay. Efa nitety ny vazantany efatra izy, nihira tamin'ny teny malagasy sy teny anglisy ihany koa. Maro ny maripankasitrahana efa azony ka anisan'izany ny natolotry ny Omda : "*Artista misandratra indrindra ny taona 1995 -2025* » noho ny seho marobe vitany. Niara-niasa akaiky tamin'ny gropy Midi Madagasikara ihany koa izy tamin'ny fankalazana taonjobily (40 taona ihany koa ankehitriny). Hanamarika ny 40 taona miaraka amin'ny mpankafy i Poopy amin'ity taona ity, ka ny alahady 30 aprily 2023 no hifamotoanany amin'ny mpankafy azy ao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina.

**Seho adiny 5**

"*Ny tiako rehetra*". Io no lohatenin'ny seho goavana, izay karakarain'ny Théâtrône io. Ireto farany moa no nandray an-tanana ny fikarakarana ny tarika nanomboka ny taona 2020 ka hatramin'izao. Hatramin'ny pejin'ny « *Poopy La voix du cœur*" dia mbola ny Théâtrône no mikirakira azy. Araka ny fanazavan'i Diary Navalona (tomponandraikitra), dia haharitra adiny 5 ity seho "*Ny tiako rehetra*" ity. Hofeheziny ao anatin' izay ireo hira nanamarika ny mpankafy an'i Poopy tao anatin'ny 40 taona, horahavahan'ny dihin'ireo mpiangaly soradihy niara-niasa taminy hatramin'izay. Hiavaka ihany koa ny fitafy entiny an-tsehatra amin'ity, satria teratany vahiny matihanina amin'ny famoronana no hampiakanjo azy.

Ny tapakila fidirana dia efa mivoaka manerana ny botikan'ny Mass'in rehetra eto Antananarivo (Ivandry, Ankorondrano, Akoor Digue, Isoraka, Tanjombato) na koa ao amin'ny "ticket-place" (aterineto).

Fy



Hiavaka ny fitafy entiny amin'io ary hiova imbetsaka mihitsy.



**HOTSAKOTSAKOINA**

"Mety hisy ve harambato hodiavina, na ala maizina mikitroka holalovana ?
Mety hisy ve oram-baratra mitraho, na hatsiaka mamanala horakofana?
Meteza lanao, ry Tompo, hitantana ahy indray, raha tojo meny mahamay,
Hanarina ahy raha sendra lavo, hanafy ahy amin'ny hatsiaka mety hahazo.
Aza avela ho trotraka aho na hiady irery. Fa toroy sy trotroy, eny, aza afoy."
Ny Vetso (20. 5. 09)

"Madagascar je t'aime"

# Kaonferansy ara-pivavahana misokatra ho an'ny kristianina rehetra

Tanterahina manomboka anio ary mitohy rahampitso ilay kaonferansy ara-pivavahana iray lehibe mitondra ny lohateny hoe : " Madagascar je t'aime" izay karakarain'ny fikambanana « outpouring waves ». Eny amin'ny Espace Colonade no hanaovana ny hetsika, manomboka amin'ny 9 ora maraina ary mifarana amin'ny 5 ora hariva. Maimaimpoana tanteraka ny hetsika ary efa misy sakafo eny an-toerana, azo atao koa anefa ny mivatsy. Vahiny maromaro avy any ivelany mihitsy moa no ho avy hampanao ny kaonferansy amin'io fotoana io ary hisy lohahevitra maro ihany koa hovoaboasana. Anisan'ny ho avy ao ny mpanompon'Andriamanitra André Raoilison, mpanangana sady mpitarika ny fikambanana "ensemble pour le royaume". Eo koa i Jeremy Pothin, pasitera avy any Canada sy France. Ny fampianarana hoentiny dia momba ny nofy sy ny fanasitranana. Ho avy eo koa i David Thierry, ilay nanangana ny "ecole du surnaturel francophone". Mampianatra ny olona hiara-hiaina amin'ny fanahy amin'ny fiainana andavanandro kosa no ataony. Anisan'ny mandray anjara amin'izany koa i Carlos Payan, nanangana ny fikambanana "Paris tout est possible". Manana hosotra manokana momba ny fanahy izy. Horesahin'izy ireo ao ny dikan'ny nofy. Hisy koa fanasitranana. Eo koa ny fihainoana ny feon'Andriamanitra ary ny fanomezam-pahasoavana avy amin'ny fanahy. Hisy koa ny fiderana, ny fampianarana, fampiharana ary ny maro hafa. Ny tanjona moa amin'ity hetsika ity dia ny hampiray, hampiofana, hampitombo arapanahy sy hizara traikefa ho an'ny kristianina hahafahana miaina araka ny tenin'Andriamanitra sy ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Natao koa izany mba hanalana ny sakana ho an'izay mangetaheta rehetra, indrindra fa ho an'ireo misedra ny fahasahiranana ara-bola.

Tanya.R


JIRAMA
Jiro sy Rano Malagasy

**FAMPAHAFANTARANA**

Ry Mpanjifa hajaina,

Ao anatin'ny fanokafana ireo masoivoho vaovao eto Antananarivo isika izao, ka hisy fihatoana ny fampiasana ireo asa rehetra izay atao amin'ny aterineto (internet) :

- Fandoavana an-davitra ny faktiora (USSD sy WEB);
- Fividianana fahana amin'ny aterineto;
- Fividianana ny fahana amin'ny ho an'ny kaontera « prépayé » ;
- Fandefasana ny mariky ny fandaniana ( auto-relevé d'index ),

ny Sabotsy faha 01 aprily 2023 manomboka amin'ny 12 ora atoandro ka hatramin'ny Alatsinainy faha 03 aprily 2023, amin'ny 06 ora maraina.

Mirary soa ho antsika rehetra.

**COMMUNIQUE**

Chers clients,

Dans le cadre de la mise en service des nouvelles agences à Antananarivo, toutes les offres digitales qui nécessitent l'utilisation d'internet vont être suspendues.

- Paiement de facture (USSD et WEB)
- Achat de crédit via internet
- Achat de crédit pour les « compteurs Prépayés »
- Envoie d'auto-relevé

Du samedi 1er avril 2023 à partir de 12h jusqu'au lundi 03 avril à 6h du matin.

Nous vous souhaitons le meilleur.

jirama officiel jirama ofisialy www.jirama.mg service-client@jirama.mg 547

G CL 465/3-2

Kitra - "Viva futbol U-17"

# Ekipa 32 no hiady ny andiany voalohany




**Nandritra ny fanaovana antsapaka tetsy Ivandry omaly.**

*Nozaraina tao anatin'ny vondrona 8 ahitana ekipa 4 avy izy ireo.*

Tontosa omaly tetsy Ivandry ny antsapaka fizarambondrona, ho an'ireo ekipa 32 handray anjara amin'ilay fifaninanana "Viva futbol", latsaky ny 17 taona zazalahy, taranja baolina kitra. Noferana ny isan'ny mpandray anjara amin'ity andiany voalohany ity, raha ny nambaran-dRanaivo, tomponandraikitra eo anivon'ny fahitalavitra tsy miankina iray, mpikarakara ny hetsika. "*Tafiditra anatin'ny ezaka ataonay, mampiala voly sy manabe ary mitaiza ny tanora izao*", hoy izy. *"Ankoatra izay, anjara biriky ho fanomezan-danja sy fanampiana amin'ny fampandrosoana ny baolina kitra malagasy izao. Nofidiana manokana ny latsaky ny 17 taona satria eo no ahitana ny tena talentan'ny ankizy, sarotiny amin'ny taona kosa izahay mpikarakara"*, hoy hatrany ity tomponandraikitra. Na izany aza dia nisokatra tamin'ny rehetra ny fifaninanana, ka ireo nahafeno ny fepetra no noraisina. Nambaran'ny Dr Jaurès Rabemanantena, niandraikitra ny fitiliana mpilalao, fa miisa 4 ny fepetra napetraka tamin'ity. Nisy ny tsy nahafeno ary mbola ho mafy ny sivana amin'ny andiany manaraka. Manohana ity hetsika ity ny eo anivon'ny orinasa Telma. Nambaran'i Rado Ramaroson, fa noho ny fahitany ny fahamatoran'ny mpikarakara dia tsy nisalasala ity orinasa ity nanohana ary mbola vonona hiaraka hiasa amin'ny andiany manaraka. Nanome voninahitra ity lanonana ity ny filohan'ny CFEM sady filohan'ny ligin' Analamanga, Henintsoa Rakotoarimanana, izay nilaza fa tanjona ny hahatafita ny baolina kitra malagasy, ka misaotra anareo nanampy. I Tsito mpilalaon' ny Barea Chan no nanao ny antsapaka. Tsiahivina fa eny amin'ny kianja pere Pedro no hanaovana ny dingana fifanintsanana rehetra(11-12-13-14-15-17-18 avrily), izay 20mn indroa miditra. Amin'ny 20 avrily ny ampahavalon-dalana, 22 avrily ny ampahefa-dalana(30mn X2), 29 avrily ny manasadalana ary 6 may ny famaranana.

**Rabenaivo**

Kitra - Fifaninanam-pokontany

# Noraofin'i Tsarafara ny omby sy ny medaly volamena ary ny amboara



**Nazava ny fandresena azon'ny fokontany Tsarafara !**

Tontosa tamin'ny alahady 26 martsa 2023 ny andiany faharoa tamin'ny lalao famaranana, niadiana ny tompondakan'ny fokontanin'ny kaominina Sabotsy Namehana, nandraisan'ny ekipa 16 anjara, izay nokarakarain'ny mpitantana teny an-toerana, miaraka amin'ny fikambanana MPIKITRA. Nandresy tamin'ny isa 3 no ho 1 ny ekipan'ny fokontanin'i Tsarafara, nanoloana an'i Soaniadanana. Teo ampialan-tsasatra dia efa nitarika 2 no ho 0 ny mpandresy, izay efa zatra ady amin'ny fifaninanam-pokontany eny amin'iny faritra Avaradrano iny, ahitana mpilalao kalaza amin'ny filalaovana baolina kitra, ka ny ankamaroany dia mpianakavy efa zatra miaraka eny ambony kianja. Nanao ny tratry ny heriny ny mpilalaon'i Soaniadanana saingy baolina tokana ihany no tafidiny, raha niampy iray indray ny an'ny mpifanandrina taminy. Marihina fa tamin'ny alahady 12 martsa 2023 no nanaovana an'ity famaranana ity fa noho ny toetr'andro sy ny fiakaran'ny mpijery teny ambony kianja dia voatery natsahatra ny lalao ka nahemotra tamin'ny alahady teo iny. Araka izany voka-dalao izany dia noroasin'ny fokonolon'i Tsarafara ny omby, natolotry ny ben' ny tanana Andriamosa Avotra sy ny ekipany, ary ny amboara lehibe sy ny medaly volamena kosa dia nobataina sy niambozonan' ny mpilalaon'i Hery Menavolo.

**aris rafaly**

# Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO
## IREO FOLO HOTSARAINAO MPAMAKY

***440 ireo tononkalo voarainay. Ny 57 amin'ireo tsy nahafeno ny fepetran'ny fifaninanana. Ireto ny tononkalo 10 (folo) nahazo isa tsara hotsarainareo mpamaky hahitana ny mpanoratra 5 (dimy) mendrika indrindra hahazo loka. Misaotra anareo rehetra nandray anjara tamin'ny lalaontsika. Tsiahivina fa hisy ihany koa ny loka ho an'ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra***

### Tononkalo T1

**"Gazetiko 25 taona"**

Izahay mpamaky faly miarahaba etoana
Amin'izao taon-jobily volafotsy izay tsaroana.
Gazety iray miavaka ahitana vaovao
Torohevitra, tantara ao koa ireo lalao.
Enga anie ka hihatsara, izay no firariantsoa.
Ho gazety tokana tena miavaka tokoa,
Dia ho tratry ny ela indrindra haharitra hatrany
Satria gazety tsara rindra izany hoe Gazetiko izany

### Tononkalo T2

**Ilay Gazetiko**

Zava-misy, pôlitika, samihafa, kolontsaina…
Ao anaty pejy valo isan'andro tantaraina
Soa zaraina maro, sarobidy, tsy voavidy
No maharaka vaovao, ala voly no lalao !
Nanovozako harena, fahalalana sesehena,
Nampitombo ny fahaizako sy ho solika fitaizako.
Hirariako ho lavorary, hotahian'Ilay Nahary
Ilay Gazetiko hampiray, ny dimampolo ho avy indray…

### Tononkalo T3

**25 taona**

Gasikara no niaingana tamin'ny asan-tserasera,
Ary tao no nahitana tolotsaina lany era,
Zanahary no nitahy ka tratr'ity tsingerin-taona,
Ezaka tokoa ry lahy no vita hatreto ka tsaroana.
Tao anaty taona maro : roapolo dimy amby
Io Gazetiko io fantaro : nahavita ny fanamby
Ka ny taona izay ho avy mbola hiroborobo hatrany,
O ! ry Tompo o ! Miangavy raha sitrakao izany !

### Tononkalo T4

**25 taona**

Dimy amby roapolo taona
Toera-maro no voatetiko
Fa n'aiza n'aiza tafahoana
Sy mamaky anao GAZETIKO
Isan'andro be mpitaky
Ny GAZETIKO, aiza ianao ?
Fa mahaliana ny mpamaky
Ny andinin-tsoratrao !

### Tononkalo T5

**Gazetiko 25 taona : mamiko !**

Novakiako teny foana tamin'ny teny malagasy
Tena vitako latasy
Ilay mpampita vaovao
Mba ho ahy sy ho anao.
Fa hatramin'ny fony kely, 25 taona lasa,
Raha mba nisy vola kely nomen'i Dada avy niasa
Ka nividianko hanin-kely sy ilay zavatra mba nentiko
Tena mamy toa tantely ny namaky ilay Gazetiko.

### Tononkalo T6

**Gazetiko 25 taona**

Hiorim-paka lalandava r'ilay Gazetiko lalaiko,
R'ilay vinidiko isan'andro mahamirana ny saiko,
Ahitana vaovao, ezahiko mba hofantarina
Ahafantaran'ny rehetra ny zava-misy marina!
Dimy amby roapolo taona no efa nahalalako anao
Mandraka androany mbola misy hatramin'izao,
Tsy ho lefin'ny fotoana, ho tojo hatrany am-parany any
Mahaleova mahalasana, eny hijoro hatrany hatrany !

### Tononkalo T7

**Ny Gazetiko**

Dimy amby roapolo taona nijoroana teo ho anao
Ny Gazetiko mpizara ny andinim-baovao
Amin'ny teny malagasy ranoray no sady marina
Mitantara "zava-misy", "politika" ilaim-pantarina.
Ny "Samihafa" izay mitranga ary koa ny "Kolontsaina"
Ireo fanatanjahantena sy Ala voly isa-maraina
Ny Gazetiko sakaiza, gazety iray mora vakiana
Dimy amby roapolo taona nahafa-po sy nahaliana.

### Tononkalo T8

Ny Gazetiko arahabaina tratry ny tsingerin-taona !
Roapolo dimy amby nikelezana aina foana,
Ka nanao ho tarigetra hanambara izay mitranga
Amin'ny olona rehetra na inona na inona saranga !
Izao tsingerin-taona izao no ankalazaina eto anio
Fa ny asa izay hatao mbola hitohy ka tadidio.
Enga anie homen'ny Avo tolo-tsaina ireo mpiasa
Ka mba samy ho ravoravo amin-javatra kinasa!

### Tononkalo T9

**Gazetiko 25 taona**

Sesehena ireo gazety mpiseho isa-maraina
Fa hafa ihany ny Gazetiko manintona ny saina
Roapolo miampy dimy no efa niorenany
Mahaliana hatrany hatrany ny vaovao izay fantenany
Rariny aho raha hiarahaba ary koa hirary soa
R'ilay Gazetiko isan'andro ankafiziko tokoa
Haharitra ela indrindra e ary koa hotsofin-drano
R'ilay Gazetiko atonta eny Ankorondrano.

### Tononkalo T10

**Gazetiko**

Feno dimy amby roapolo taona i Gazetiko
K'izay fantatro momba azy no mba entiko.
Izy dia milaza zava-misy, ala voly, samihafa
Mitahiry kolontsaina tsy atakaloko ny hafa
Eny, fanatanjahantena, fanabeazana pôlitika
Trangam-piarahamonina ampitainy amintsika.
Gazetiko ! Ilay fitaovan-tserasera tena tsara
Mametraka tantara ho an'ny dimby sy ny fara!

# Gazetiko 25 taona

## FIFANINANANA TONONKALO

### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

**FANONTANIANA**

- Iza ny tononkalo heverinao fa tsara indrindra amin'ireto folo ireto ?

| | | | | |
|---|---|---|---|---|
| T1 ☐ | T3 ☐ | T5 ☐ | T7 ☐ | T9 ☐ |
| T2 ☐ | T4 ☐ | T6 ☐ | T8 ☐ | T10 ☐ |

Mariho X ny safidinao. Iray ihany no marihina. Tsy ekena ary tsy manan-kery ny mitakosina

**FANONTANIANA FANAMPINY**

- Firy ny isan'ny mpandray anjara mitovy hevitra aminao ?

Soraty ao anaty toerana voatondro amin'izany :

.......................................................................

Anarana : .......................................................................

Fanampin'anarana : .......................................................................

Adiresy : .......................................................................

Laharana finday : .......................................................................

*Aterina aty amin'ny* **Gazetiko** *enceinte* **midimadagasikara** ***Ankorondrano Antananarivo Renivohitra*** *farafahatarany ny* ***ZOMA 07 APRILY 2023*** *hatramin'ny* ***05 ora*** *hariva ity takelaka fandraisana anjara ity.*

## Izy no izy

Randriamiandrisoa Jessica

# Tsotra sady mahay miara-miaina amin'olona

*Tovovavy manan-talenta amin'ny haiady Taekwondo no hampahafantarina antsika amin'ny tsanganana Izy no izy anio.*

Randriamiandrisoa Jessica no anarany feno, zanaky Randriamiandrisoa Nicolas sy Christine. Any Nantes Frantsa no mipetraka izy mianakavy kely, manaraka ny finoana katolika. Mirahavavy no zanaky ny ray aman-dreniny dia i Jessica sy Candice. Tao ao amin'ny Le Port au Ble rezé no sekoly nianaran'i Jessica voalohany, nitohy tany amin'ny Collège Salvador Allende Nantes. Tia fanatanjahantena ary nanahadray i Jessica, satria dia nanao Taekwondo ihany koa izy. Tena mankafy izany taranja izany ny tenany, ary efa manana ny grady 1ère Dan. Nisy fotoana efa niaraka nandray anjara tamin'ny fifaninanana iraisam-pirenena izy mianaka, nandritra ireny fihibohana ireny, ka tsy nitsangamenatra tamin'ny vokatra azo izy ireo tamin'izany. Fahatsiarovana tsara ho an'i Jessica amin'ny fiarahana amin'ny rainy nijery fifaninanana iraisam-pirenena ny mifankahita amin' ireo naman-drainy. Fahatsiarovana ratsy kosa, ny tokony handehanany "voyage d'études" saingy tsy lasa noho ny "Covid-19". Anisan'ny sakafo tena tiany ny "Gratin de pâte bolognaise". Fialambolin'i Jessica ny mamaky boky. Ankoatra izay, tena tia mihira izy ary mahay miaramiaina aman'olona. Hafatra kely ampitainy amin'ny mpanao fanatanjahantena ny hoe, rehefa mikotrana be dia tafita foana, ary tsy tokony ho mora kivy.

**Rabenaivo**

Alatsinainin'Ambazaha - Atsimondrano

# Dahalo saika hangalatra omby matin'ny andrimasom-pokonolona

Teo am-panaovana ny asa ratsiny mihitsy no tratran'ny andrimasom-pokonolona mpanao fisafoana ireto dahalo telo lahy saika hangalatra omby tao amin'ny fokontany Anjanamananoro, kaominina Alatsinainin' Ambazaha, teny Atsimondrano, omaly tokony ho tamin'ny 2 ora maraina. Efa nogoahin'izy ireo ny rindrin' ny trano nisy ny omby. Vao nahatazana ireo andrimasom-pokonolona anefa izy ireo dia vaky nandositra ka nifanenjehana. Voasambotra tamin'izany ny iray fa tafatsoaka kosa ny roa lahy. Mbola nikasa hanohitra ihany anefa ilay iray voasambotra io ka teo no namonoan'ny andrimasompokonolona azy. Namoy ny ainy vokatr'izany io satria tena naratra mafy tokoa. Nampandrenesina avy hatrany ny zandary ka fotoana fohy taorian'izany dia tonga ireo, saingy efa maty ilay dahalo. Mbola mitohy kosa ny fikarohana ireo dahalo roa lahy tafatsoaka. Raha ny fanazavana hatrany dia tsy fantatra mihitsy ny mombamomba io dahalo maty io. Tsy nahitana taratasy nahalalana azy rahateo teny aminy. Tsy nisy nahafantatra azy ireo ihany koa ny mponina. Araka izany dia heverina ho avy lavitra ireto dahalo tonga nanafika teny antoerana ireto. Tsy mbola nisy moa ny omby azon'izy ireo tamin'io. Mitohy ny fanadihadiana sy ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana.

**R.C**

Ambatondrazaka

# Tokantrano notafihin'ny jiolahy, renim-pianakaviana iray voatifitra

Nirefotra indray ny basy tao Ambatondrazaka. Tokantrano iray tao Ambohitsilaozana-Ambatondrazaka, no notafihin'ny jiolahy fito nirongo basy, ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 11ora alina tany ho any. Nopitsohin'ireo jiolahy avy hatrany ny varavarana nidirany tao amin'ilay trano hotafihany. Efa tao anatin' ny torimaso tanteraka ny tompon-trano tamin'io ka taitra tampoka raha nahita ireto olon-dratsy tafiditra ny tranony. Avy hatrany anefa dia nandrahona tamin'ny basy ireo jiolahy ka raikitahotra ny iray trano. Nitifitra ireo jiolahy ka voan'ny bala teo amin'ny feny ilay renimpianankaviana ary naratra mafy. Tovovavy iray tao antrano ihany koa no naratra voadaroka tamin'ny vodibasy.

**Tsy nahazo**

Taitra ny mponina teo amin' ny manodidina raha nandre ilay feom-basy. Nikoropaka nitady fandosirana haingana ireo jiolahy raha vao nandre ny kotaban'ny fokonolona tany ivelany. Vokatr'izany dia tsy nahazo na inona na inona tao amin'ilay trano akory izy ireo. Nampandrenesina avy hatrany ny mpitandro filaminana saingy efa tsy nisy tratra intsony ireo jiolahy. Mitohy ny fanadihadiana sy ny fikarohana ataon'ny mpitandro filaminana ireo jiolahy amin'izao. Ireo naratra kosa efa nalefa notsaboina any amin'ny hopitaly.

**R.C**

Farafangana

# Trano 20 hotohoton'ny afo

Nisehoan'ny haintrano tany Mahatsara, ao anatin'ny fokontany Lapombo, any amin'ny kaominina Ambohimandroso, distrikan'i Farafangana, ny talata lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany alina. Trano 20 tafo no tsy nisy noraisina fa kilan'ny afo tamin'io fotoana io. Trano falafa iray no niandohan'ny firehetana ka nitatra tany amin'ireo trano maro manodidina azy izany. Tsy fantatra izay nahatonga ny fahamaizana fa araka ny fanazavana azo dia hoe nisy nandoro io trano falafa io. Tsy voafehy ny afo ka nitatra ary ireo nitarika fahamaizan'ny trano roapolo ireo. Na dia nanao izay ho afany tamin'ny famonjena ny afo aza ny fokonolona dia tsy avotra intsony ireo trano ireo niaraka tamin'ireo entana tao anatiny. Soa aloha fa tsy nisy ny olona naratra na namoy aina nandritra ny firehetana. Tsy mbola voafaritra ny isan'ireo olona traboina vokatr'ity haintrano ity. Efa nampilazana mikasika ny zava- nisy ny zandary ka nandeha tany an-toerana nanao fizahana ifotony ny zavanitranga. Araka ny fanazavana azo avy amin'ny mpitandro filaminana dia tohin'ny ady sisintany eo amin'ny fokonolona Ampataka, ao amin'ny kaominina Mahatsinjo, any amin'ny distrikan'i Vondrozo, sy ny fokonolona any amin'ny kaominina Ambohimandroso, any anatin'ny distrikan'i Farafangana, no anton'izao doro trano izao. Marihina anefa fa efa nisy ny fifandaminana indroa miantoana teo amin'ny roa tonta izay efa nelanelanin'ireo tomponandraikipanjakana tany an-toerana. Tsy mbola fantatra izay olona nandoro ny trano.

**T.H**

Beloha Androy

# Olona notazonin'ny zandary maty

Olona notazonin'ny zandary no maty ny talata lasa teo, tany Ambatotsivala, any amin'ny distrikan'i Beloha Androy. Tokony ho tamin'ny 8 ora alina tamin'io andro io no naharay antso an-telefaonina avy any amin'ny kaomandin'ny tobimparitry ny zandary Ikopoky ny kaomandin'ny vondron-tobimparitra Ambovombe, mikasika ity fahafatesana olona ity. Tsy voafaritra mazava aloha hatreto ny antony nahafaty azy fa araka ny fanazavana dia tao amin'ny toerana itobian'ireo zandary mpiandry kizo tao amin'io toerana voalaza etsy ambony io no maty io olona io. Araka ny fanazavana azo hatrany dia olona nosamborin'ireo mpitandro filaminana ny omaly alin'io ity farany. Raha vao naheno izany ireo mpitandro filaminana nampandrenesina ny zava-niseho dia tsy niandry ela fa avy hatrany dia nidina nijery sy nanamarina ny zava-nitranga tany amin'ilay toerana. Mitohy ny fanadihadiana.

**T.H**







## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Debara, boky, machine, poketra, kilalao, korontana, lamba. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 506/15-13)

* Debara, fanaka, boky, pièces, vy, kilalao, TV, frigo. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 509/20-8)

### A LOUER

* Trano ahofa, Andoharanofotsy Mahabo. 2ch + douche + wc en sécurité. Tél : 032.64.118.31. (G-BA 513/5-3)

### SERVICE VIDANGE

* Fosse septique, puisard Makiplast, perdu, wc 101, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 508/15-9)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (M-BA 405/13-1)

* Manao asa tao-trano : finition, peinture, carreau, plomberie, sanitaire. Tél : 034.74.039.74. (G-BA 512/3-3)

### VIDANGE

* Service vidange, fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél: 034.47.024.33 / 034.16.145.06. (G-BA 477/20-16)

* Vidange wc fosse septique et perdu Makiplast, puisard avec pompage. Tél : 038.23.389.80. (G-BA 498/20-20)

### MITADY ASA

* Mpametaka carreaux matihanina, mitady asa « équipe zadraharaha ». Tél : 034.23.909.68. (G-BA 515/5-2)


## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Manta*




## Hatsikana an-tsary

*Vovon-tsavony*




## Masoandro Miposaka

**I Timoty 2 : 1**

Koa mananatra voalohany indrindra aho mba hatao izay fangatahana, fivavahana, fifonana, fisaorana, ho an'ny olona rehetra,

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ny andro iray ihaonana toy ny andro zato.**

Un jour où l'on se rencontre (entre amis) en vaut cent (où l'on ne se voit pas).

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2915

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | | | | | | | 5 | |
| | | 2 | | | 9 | | | |
| 8 | 3 | | 7 | | | | | |
| | | | | | 8 | | | 1 |
| | 9 | | 5 | | 7 | | | |
| 5 | 6 | | | 4 | 2 | | | |
| | 1 | | | | | | | |
| 4 | | | 8 | | 6 | | 9 | 7 |
| 6 | | 5 | | | | 4 | | 3 |

Valin'ny laharana 2914

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 1 | 8 | 9 | 2 | 5 | 3 | 4 | 7 | 6 |
| 6 | 4 | 2 | 9 | 1 | 7 | 5 | 3 | 8 |
| 3 | 7 | 5 | 8 | 4 | 6 | 9 | 1 | 2 |
| 4 | 2 | 6 | 1 | 7 | 5 | 3 | 8 | 9 |
| 7 | 9 | 1 | 3 | 8 | 2 | 6 | 5 | 4 |
| 5 | 3 | 8 | 4 | 6 | 9 | 1 | 2 | 7 |
| 2 | 6 | 3 | 7 | 9 | 1 | 8 | 4 | 5 |
| 9 | 1 | 4 | 5 | 2 | 8 | 7 | 6 | 3 |
| 8 | 5 | 7 | 6 | 3 | 4 | 2 | 9 | 1 |

Hetsi-panoherana

# Nisintaka ny Vondrona Politika G5 ny RMDM

Maty an-karanany! Araka ny fandaharam-potoana efa voafaritra mialoha, dia anio mandritra ny valandresaka ho an'ny mpanao gazety hatao eny Anosy no hambara amin'ny fomba ofisialy ny fijoroan'ny Vondrona Politika dimy miray na G5. Miainga amin'ny fanasana miparitaka, dia ivondronan' ny HIFFIM, HPM, PANORAMA, RMDM ary VPHM, izay samy vovonana mpanohitra ny fitondrana izany G5 izany. Nanaitra ihany anefa ny fanambarana nataon'ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara mikasika io hetsika karakarain'ny G5 io. Notsipihan' ireto farany tamin'izany fa tsy handray amin'io valandresaka hanambarana ny fijoroan'ny Vondrona Politika dimy io ny eo anivon'io vovonan'ny mpanohitra tarihan'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana io. Antony, araka ny fanazavana dia satria tsy voahaja ny teny filamatra napetraka tany am-boalohany manao hoe ny teny ierana no mampilamina. Ny dikany, raha mbola tsy tafajoro amin'ny fomba ofisialy akory ity elatry ny fanoherana vaovao ity dia efa hitrangana fizarazarana sy tsy fitovian-kevitra sahady, mba tsy ilazana hoe maty ankaranany. Raha ny fahita amin'ny firenena manaja ny demôkrasia eran-tany anefa dia mipetraka ho aro riaka amin'izay mety ho fanampa-ram-pahefana sy fandikandalàna ataon'ny mpitondra sy ny ekipany ny fisian'ny antoko mpanohitra ny fitondrana. Raha jerena maimaika anefa ny toe-draharaha eto Madagasikara, indrindra fa ny hetsi-panoherana dia mbola mampanahy ny ahombiazany ary tsy vitsy ireo tsy manantena na inona na inona amin'izy ireo.

Mamy R.

Mpanao gazety Naina Rabearivony

# Nanokatra sehatra hahafahan'ny olom-pirenena maneho hevitra

Antomotra ny fifidianana filoham-pirenena ary manomboka mafanafana ny toedraharaha pôlitika eto amintsika. Tsy mahagaga raha mitombo ny sehatra ahafahan'ny mpanao pôlitika sy ny olom-pirenena amin'ny ankapobeny maneho hevitra. Araka ny fanazavana nomen'ny mpanao gazety zokiolona, Naina Rabearivony, dia mizotra mankany amin'io lalan-tsaina io no nanokafana ny fandaharana « Imaso Imaso », ao amin'ny fahitalavitra iray eto an-drenivohitra. Tany mitonona ho demôkratika rahateo i Madagasikara ka ampirisihana ny fanehoankevitra, eny na hatramin'ny fanakianana aza, mba hahatsara zavatra. Tsiahivina fa ny masoivohon'i Madagasikara, niasa an-taonany maro tany ivelany, Paraina Auguste no nisantatra ny fandaharana. Itsy farany izay efa tsinjotsinjo ho isan' ny mpifaninana, amin'ny 9 nôvambra ho avy izao. Mpanao pôlitika faharoa, nandalo tao amin'ny fandaharana ny filohan'ny HCDDED (Filankevitra Ambony miaro ny Demôkrasia sy ny Tany Tan-dalàna) teo aloha, Navony Pierre Lenoble Ary ny minisitry ny Fanabeazam-pirenena teo aloha, Paul Rabary no vahiny fahatelo. Itsy farany izay mbola tsy nahazoam-baovao na ho isan'ny kandidà ihany koa na tsia.* V.R.



Ny mpanao gazety zokiolona, Naina Rabearivony.

Toamasina

# Handray ny fihaonana ara-pandraharahana andiany faha-2

Isan'ny fanapahan-kevitra noraisina nandritra ny filankevitry ny minisitra natao omaly ny fankatoavana ny fanatanterahana ny fihaonana ara-pandraharahana na "Business forum" andiany faha-2. Natokana ho an'ny faritra Atsinanana, Analanjirofo ary Alaotra Mangoro izy ity. Ny 6 sy ny 7 avrily ho avy izao no hanatantrehana izany ka i Toamasina ny handray azy. Ny EDBM na "Economic Development Board of Madagascar" no misahana ny fikarakarana rehetra. Tanjona ny hampiroborobo ireo sehatra marolafy ho an'ny fampandrosoana eo anivon'ireo faritra telo ireo. Tafiditra ao anatin'izany ny fandraharahana eo amin'ny lafiny, ny fambolena, ny angovo, ny indostria maivana, ny fananganana fotodrafitrasa... Singa lehibe mitarika izany ihany koa ny famoronana ny fandraharahana manoloana ny fanambin'ny fampiroboroboana ny Indostria eto Madagasikara. Ankoatra io isan'ny nankatoavina nandritra ity filankevitry ny minisitra ity ihany koa ny mikasika ny fanafoanana ny fepetra nampihantona ny fanondranana volamena taorian'ny fampandaniana ny didim-panjakana mikasika ny fitantana izany.

JUDD


**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 16 012 - 03 - 23
Isan'ny natonta : 25 000


### Nahandro

**Trondro miaraka amin'ny coco**

*Ireo zavatra ilaina:* trondro izay tianao na trondron-dranomasina na trondron-dranomamy, menaka, tongolo gasy, tongolobe, sakamalao, ranona coco, ilay amidy eny amin'ny shoprite na ny hafa, sira, poivron, voatabia

*Fomba fikarakarana azy :* Asiana sira ny trondro efa voadio tsara ivelany sy anatiny Endasina amin'ny lapaoly ho voaendy tsara mba tsy hihintsana ny nofony rehefa avy eo. Karakaraina ny saosy voatabia. Dia apetraka eo ambonin'ilay saosy ny trondro voaendy. Rarahana ilay tongologasy sy sakamalao, asiana sira, poavra. Dia ahandroina amin'ny afo malefaka. Mangotraka tahaka ny ronono ny ranona coco ka jerijereo matetika. Tsy haroina ihany koa sao dia potika. Rehefa tokony ho ny antsasaky ny ranona coco sisa no ao anaty vilany dia esorina ny afo. Masaka ny laoka.

## Marina izany !

### Serintseriny !

**Valo volana alohan'ny fifidianana, tsikaritra ho serintseriny, manongilan-tsofina sy manadihady manodidina ny fanomanana ny mpiara-miombona antoka amintsika any ivelany. Heverina fa tsy mandehandeha ho azy izany. Mpandray anjara mavitrika amin'ny fanomezana ny hoenti-manana hahatontosa ny fifidianana rahateo izy ireo, raha tsy hitanisa afa-tsy ny Firenena Mikambana izay mandrotsa-bola betsaka ao anatin'ny "Basket fund". Tsiahivina fa efa nandalo teto ny iraky ny Sadc (Southern African Development Community), andiany voalohany. Toy izany koa ny iraka manokan'ny Firenena Mikambana sy ny OIF (Organisation Internationale de la Francophonie). Itsy farany izay marihina fa mbola eto Madagasikara, nomena fanasana manokana ho isan'ireo hitsirika ny lisi-pifidianana, hampiasaina amin'ny 9 nôvambra ho avy izao, raha toa ka tsy miova ny datim-pifidianana. Tsy ny olon'ny mpitondra ihany na ny mpikarakara ny fifidianana no nihaona tamin'izy ireo fa ny mpanohitra ihany koa izay tsy mitsahatry ny miahiahy ny mety hisian'ny hosoka, manomboka amin'ny fanavaozana ny lisitra sy ny fanomezana fiara tsy mataho-dalana ireo tompon'andraikitra samihafa voakasiky ny fanangonana ny voka-pifidianana. Heverina fa tsy mandehandeha ho azy ihany koa ny fihainoana ny mpanohitra sy ny fiarahamonim-pirenena ary ireo fikambanana samihafa fa manahy sahady ny mety hisian'ny krizy ny mpiara-miombona antoka amintsika any ivelany. Ny dikany, tsy misy afa-tsy ny fanomanana araka ny tokony ho izy ny fifidinana no hampilamina ny samy Malagasy. Ary ny fananan'ny mpiara-miombona antoka amintsika toky amin'ny fahadiovan'izany no handresy lahatra azy ireo handrotsa-bola !**

Voahangy Rakotozafy

Fitazonana basy tsy nahazoana alalana

# Olona 2 efa MD no misy mikasa hanelanelana mba hahazo LP

Miteraka resaba, an-gazety sy teny amin'ny tambajotra sôsialy, herinandro maromaro izao, ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana, saika manerana ny Nosy. Misy mihitsy aza ny nampidirina am-ponja noho ny fanaparitahana vaovao mahakasika io tranga io. Amin'izao fotoana izao anefa toa manamarina ny vaovao ny zava-misy any Toamasina. Araka ny loharanom-baovao marim-pototra avy any an-toerana dia olona 2 no tratra nitazona basy (PA), tsy nahazoana alalana nentina nandrahonana vehivavy 3, tao Tahiti kely, any Toamasina. Ankoatra izay dia voalaza fa nahitana « boîte chargeur » ihany koa teny amin'izy ireo. Rehefa nanao ny asany ny mpitandro filaminana, avy ao amin'ny Pôlisim-pirenena dia voasambotra izy ireo, ary nampidirina am-ponja vonjimaika, tamin'ny talata lasa teo. Saingy, araka ny loharanom-baovao avy any an-toerana dia misy ny efa mikononkonona ny hanelanelana mba hamoahana azy ireo ao am-ponja. Ahiahy miantefa sahady amin'ny fitsarana, mba hanao ny asany araka ny lalàna manan-kery, satria iarahan'ny rehetra mahalala fa hiteradoza ho an'ny firenena ny fiparitahan'ny fitaovam-piadiana sy ny kolikoly sy ny namanamana, amin'ny ankapobeny.

V.R.


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Orinasa afaka haba

# Mitaraina ho tra-pahasahiranana

Ratsy fanombohana ny taona ho an'ireo orinasa afaka haba. « *Azo lazaina ho tsara ny fandraharahana tamin'ny taon-dasa noho ny fiverenan'ny asa aman-draharaha taorian'ny "Covid-19. Sahirankirana kosa nanomboka tamin'ity taona ity noho ny krizy ara-toekarena any Eôrôpa, raha tsy hilaza afa-tsy ny fisian' ny orinasa maromaro nikatona tany Frantsa, izay mpividy entana avy aty amintsika. Taorian'ny fiatoan'i Etiopia teo anivon'ny AGOA, dia teo amin'ny 600 tapitrisa Dôlara ny sandan' ny tsena azo notrandrahina tamin'ity vondrom-barotra ity, saingy sahirana amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana ny fanjakana. Tokony ho noharaotina ny firoboroboan'ny tsena tao Afrika Atsimo. Hotohizana ve sa tsia ilay lalàna mikasika ny orinasa afaka haba ? Lasa mampiahiahy ireo mpandraharaha ankehitriny ary misakana ireo izay mbola hiditra. Efa tao anatin'ny herintaona no niresahana ny fomba hanatsarana azy, satria mitarazoka ny fanomezan-dalana hanitatra na hanokatra orinasa nanomboka ny taona 2020. Efa nankatoavin'ny teo anivon'ny fiadidina ny Repoblika tamin'ny volana may 2022 ny mikasika ny vidin-jiro "Optima Business", saingy mbola tsy mihatra mandraka ankehitriny, ka lasa miteraka olana amin'ny lafiny fifaninanana eo amin' ny orinasa sasany*», hoy ny filohan'ny Vondron'ny orinasa afaka haba, na ny GEFP, Rakotoarisoa Herilanto. Takian'ireo orinasa afaka haba koa ny hamoahan'ny fanjakana farany izay haingana indrin-dra ny didim-panjakana mamaritra ny karama farany ambany, izay efa niarahana nidinika nanomboka ny volana janoary lasa teo. Nahatsiaro ireo mpiray tanin-drazana traboina tamin'ny fandalovan'ny rivodoza ireo mpikambana teo anivon'ny GEFP. Natolotry ny solontenan'izy ireo omaly teny amin'ny BNGRC Antanimora omaly ny fanampiana toy ny vary, voamaina, rorono, savony, ary bodofotsy.

**R. Muray**



**Nitondra anjara biriky teny amin'ny BNGRC ireo mpikambana ao amin'ny GEFP.**

Polytechnique Vontovorona - Oniversite Barikadimy

# Niaraka nitokona mitaky vatsim-pianarana ireo mpianatra

Niverina nihetsika indray ireo mpianatra eny amin'ny Polytechnique Vontovorona omaly. Anton'izany ny tsy fahazoan'izy ireo ny vatsimpianarana 5 volana. Nidonaka ny setroka mainty teo anoloan'ny vavahadin'ny Polytechnique, noho ny fandorana kodiarana. Raikitra koa ny filanjana sorabaventy. Isan'ny takian'ny mpianatra koa ireto teboka efatra Ireto: avereno "Polyvalent" ; rano madio no tokony hampiasain'ny mpianatra; ny trano fonenana na "bloc" azo ipetrahan'ny mpianatra. Mangataka ny hanomezana ny "calendrier"-n'ny fandoavana vatsimpianarana koa izy ireo. Nilamina ny hetsika ary nijanonana tao anatin'ny faritry ny sekoly ireo mpianatra nanao hetsika noho ny fangatahan'ny mpiara-monina eny Vontovorona.
Etsy ankilan'izay, tapitra omaly ihany koa ny 48 ora nomen'ny mpianatra ny tomponandraikitra ao Barikadimy ka nirotsaka tamin'ny fitokonana ihany koa izy ireo. Mangataka ny hivoahan'ny vatsim-pianarana 2021-2022 ho an'ireo mpianatra tsy mbola nahazo kanefa anatin'ny lisitr'ireo tokony hisitraka izany. Taraiky loatra ihany koa, hoy ireo mpianatra, ny vatsim-pianarana 2022-2023 ary tokony haverin'ny oniversite ny tranon'ny mpianatra R+3 izay natao efitrano fianarana ho an'ny mpianatry ny ENS. Santionany ihany ireo fitakiana ireo fa mbola betsaka no tsy ara-dalàna ka nahatonga azy ireo nitokona.


**Heriniaina A**

Aro lozan'ny fifamoivoizana

# Lycée enina eto Antananarivo Renivohitra hisitraka fiofanana

Nanapa-kevitra ny fikambanana "Riders Scoot Community" ny hiaraka hiasa amin'ny Cisco Antananarivo Renivohitra ary hanofana ireo mpianatra rehetra eny anivon'ny Lycée enina ao anatiny. Manohana ity fikambanana ity ny zandarimariam-pirenena, ka izy ireo no mampahafantatra amin'ireo mpianatra mikasika ny fahalalana ankapobeny momba ny lalàna mifehy ny fifamoivozana sy ireo fihetsika sy fitandremana tokony hataon'ny mampiasa lalana rehetra, ka anisan'izany ireo mpandeha an-tongotra, mpitondra kodiaran-droa na fiara, mba tsy hampisy lozam-pifamoivozana. Eo ihany koa ny asan'ireo zandary mpandrindra ny fifamoivozana eny amin'ny lalam-pirenena. Ny tontolo manodidina ny kodiaran-droa kosa no nentanin'ny RSC, satria izay no ataon'izy ireo. Efa misy mitondra moto tokoa mantsy ireo mpianatra eny amin'ny lycée ka izay no antony nifidianana azy ireo. Ilaina ampahafantarina mikasika ny arolozan'ny fifamoivozana ireo mpianatra noho izy ireo mampiasa arabe. Mpianatra maherin'ny 400 teo anivon'ny LJJR no nisantarana izany ny talata teo ary notohizina teny amin'ny Lycée Ambohimanarina omaly. Anjaran'ny LMA kosa amin'ny herinandro ary mpianatra maherin'ny 1 000 no hisitraka izany fiofanana maimaimpoana ataon'ny Riders Scoot Community sy ny zandarimaria izany.

**Nath**


JIRAMA

JIro sy RAno MAlagasy

**FAMPAHAFANTARANA**

Ho fanarahana ny toromarika napetraky ny ARTEC (Autorité de Régulation de technologies de Communication), dia hamoraina ho tarehimarika telo ny laharana maitso ka voakasik'izany ny an'ny orinasa JIRAMA.

Manomboka izao ary dia hiova ho 547 ny 3547. Maimaim-poana hatrany kosa anefa ny fiantsoana ary mandray anao 24 ora amin'ny 24 ora mandritra ny 7 andro ary manerana an'i Madagasikara.

Tanjona amin'izao fanovàna izao ny hanatsarana ny fifandraisana amin'ny mpanjifa sy ho fitsinjovana azy ireo.

**INFORMATIONS**

Suivant la réforme instaurée par l'ARTEC (Autorité de Régulation de technologies de Communication), l'appel du numéro vert, dont celui de la JIRAMA, est facilité en trois chiffres.

Désormais, le 3547 devient 547. Cependant, l'appel reste gratuit et la ligne est disponible 24/7 sur le territoire national.

Cette réforme vise à améliorer et préserver la relation client.

G CL 462/15-5